# TORITENY – EPIFANIA na NISEHOAN'NY TOMPO – Taona D



***« Ary nony efa nosokafany ny fitoeran-drakiny, dia nanolotra fanatitra ho Azy izy, dia volamena sy emboka manitra ary mira » (Mt. 2: 2)***

> ***Vakiteny I :*** *Iz. 60: 1 – 6*
>
> ***Tononkira :*** *Sal. 72: 1 – 2, 7 – 8, 10 – 11, 12 – 13*
> ***Vakiteny II : Ef. 3: 2–3, 5-***
>
> ***Evanjely : Mt. 2: 1 – 12***

Ry kristianana havana, mbola anatin'ny fankalazana ny Noely isika, Andriamanitra eto amintsika Emanoela. Mankalaza ny taona masin'ny famindrampo koa isika ary anatin'ny Noely, Andriamanitra manolotra ny fony amintsika amin'ny alalan'i Kristy. Izy no endrik'Andriamanitra ka amin'izao Alahady Epifania izao dia mibaribary amin'ny vakiteny aroson'ny Eglizy izay hoe Andriamanitra eo anivontsika, Andriamanitra manolotra ny famindrampony ary miantso ny olombelona rehetra tsy ankanavaka ho anatin'izay famindrampo izay ary izay ny antony ankalazana ny taonan'ny famindrampo izao mba hitoetra eo anivontsika Andriamanitra araka ny hevitry ny teny hoe « Epifania » Andriamanitra eo anivontsika. Mbola anatin'ny Noely ny Epifania izay ankalazantsika ny nisehoan'ny Tompo eo anivon'izao tontolo izao. Ireo majy izay tonga nitsaoka an'i Jesoa no tandindon'izany fisehoan'Andriamanitra eran'izao tontolo izao izany. Ary fantantsika ireo majy dia avy amin'ny firenena maro isankarazany, ireo manam-pahaizana isankarazany. Henontsika tsara tamin'ny alalan'ireo vakiteny fa Andriamanitra dia te-haneho amintsika tsy hoe izy mahefa ny zavatra rehetra, fa mahefa ny zava-drehetra tokoa izy fa ny tena fahefany dia isika mandray azy, ohatry ny hafahafa izany, izy mamela ny helontsika, izy mamindra fo amintsika no tena fahefan'Andriamanitra. Izay ny Epifania ary izay no irin'Andriamanitra amintsika koa, izay no loharano hazahoantsika ny tena fiadanana marina.

Arakaraka ny handraisantsika an'Andriamanitra ka hitsaohantsika azy no hampiposaka ny mazava ka tsy ho very intsony ny lalantsika amin'ny haizina mandrakotra ny fiainantsika.

Inona moa io haizina io ? Dia ny tsy fahafantarantsika aiza ny lalan-kaleha, izay ny nanjo an'ireo majy raha nieritreritra ny saim-pantany izy. Io ny aretina mikiky atsika satria mieritreritra mahavita tena isika. Izay ny fahotana nanjo an'i Heroda, nieritreritra izy fa ny fahefany sy ny fahaizany hahafahany mamolaka an'Andriamanitra. Fantantsika fa ny fahefana sy ny voninahitra mandalo ihany ka manapotika atsika. Io no mahatonga an'i Papa milaza fa ny aretina tsy mahatonga atsika amin'ny fiadanana sy fahandriam-pahalemana dia ny tsy firahirahiana ny hafa, ny fanilikiliana, ny fanapotehana ny hafa, ny fanaovana ny hafa ho fitaovana. Izay ny aretina nanjo an'i Heroda sy toe-tsaina nanjaka taminy ary hita koa fa mbola manjaka amintsika ankehitriny ny fanapotehana ny hafa. Ka raha tiantsika hiposaka ny mazava araka ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany dia anjarantsika tahaka an'ireo majy manaiky ho tantanan'Andriamanitra, manaraka an'ilay kintana izay tsy inona ny fanahin 'Andriamanitra fa indrindra amin'izao taona masina famindrampo izao mba hanaiky ho tantanin'ny fanahin'Andriamanitra fa tsy ny fanahin'izao tontolo izao. Ny fahaizana tsy mitondra mankaiza raha tsy ao ny fanahy sy fahendren'Andriamanitra. Ny voninahitra tsy hahafahana manao inoninona, ny fahefana tsy hahafahana mametraka fandriam-pahalemana sy fihavanana marina raha tsy ao ny fanahy sy fahendren'Andriamanitra. Fa raha tiantsika hiposaka ny mazava, raha tiantsika ho tanteraka izay dia tsy maintsy manaiky ho tantanin'ny Fanahin'Andriamanitra sy ilay famindrampon'Andriamanitra ka hahita an'i Jesoa isika ary hahazo ny fiadanana marina araka ny voalazan'i Md Paoly tao Efezy ao amin'ny vakiteny faharoa, ho zary oloaraiky amin'Andriamanitra isika, ho iray lova aminy ary dia miombona fahasambarana aminy izay ny vaovao mahafaly dia isika ho iray ao aminy. Hiombona fanantenana ao amin'i Jesoa isika ka raha feno fanantenana isika dia hiroso lalindalina kokoa amin'ny fandraisana an-tànana ny fiainantsika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro eo ampivakivakiana an'izao taona masina izao.

Ry Jesoa Tomponay ô, niseho eo anivon'izao tontolo izao ianao ary izay no ankalazainay amin'izao Epifania izao. Nantsoinao hanatona anao ny firenena rehetra tsy misy havakavaka ho ao aminao, izay famindramponao izay irinao hamakivakianay an'ity taona masina ity, enga anie ianao tokoa ny kintana hitarika anay, ny fanahinao anie hamolavola ny fo amam-panahinay mba ho famindrampo koa izahay. Ity taona ity anie hahaizanay hitsaoka anao tahaka an'ireo majy, hizara ihany koa ny fanananay, hahafoy izahay ny tena sarobidy aminay tahaka an'ireo majy. Hahay hizara ho an'ny hafa, handray an-tànana ny Eglizy. Hahafoy tokoa anie izahay ka tsy hanilikilika ny hafa ary hiezaka hifanaja tokoa araka ny hafatry ny Papa tamin'ny voalohany taona teo ka hiady amin'ny tsy firaharahiana sy ny fanilikiliana fa hiezaka kosa hifanasoa, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hitory ny hafalian'ny vaovao mahafaly eo amin'ny manodidina anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson